CHAN Algérie 2023

Ho any Algerie ihany ny « Les Lions de l'Atlas du Maroc »

Raha naresaka tamin'ny alakamisy 12 janoary 2023 teo, tany Alger nandritra ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety nataon'Andriamatoa Patrice Motsepe, filoha am-perinasan'ny CAF, ny amin'ny tsy handraisan'ny ekipan'ny « Les Lions de l'Atlas du Maroc » anjara amin'ny fifaninanana Chan andiany faha-7, na ny «CHAN Algérie 2023", izay tontosaina nanomboka omaly zoma 13 janoary, ka hifarana amin'ny sabotsy 4 febroary 2023 ho avy izao. Noho ny fanambarana nataon'ny " Sélection Marocaine de Football", amin'ny tsy fahafahan'izy ireo ho tonga any Constantine (Algérie) noho ny fikatonan'ny sidina mampitohy an'i Rabat mankany Constantine dia niova indray izany tamin'io andron'ny alakamisy 12 janoary 2023 io ihany, izay nanambaran'ny ministeran'ny raharaham-bahiny Maraokana fa handeha hamonjy ny fifaninanana « CHAN » any Algérie indray ny Lions de l'Atlas, ka omaly zoma 13 janoary maraina izy ireo, no niala tany amin'ny seranam-piaramanidin'i Salé akaikin'i Rabat ho any Constantine any Algérie.

Ny « Les Lions de l'Atlas du Maroc ».

Rainilita

Federasiona FSBM

Maro ireo olan'ny tsipy kanetibe Malagasy

Zavatra maro manodidina ny sazy mety hihatra amin'ny taranja tsipy kanetibe Malagasy, no nambaran'ny filohan'ny FSBM "Fédération Sport Boules Malagasy", Andrialemirovason Amir, tetsy amin'ny Ans Ampefiloha tamin'ny valan-dresaka nataony niaraka tamin'ireo mpikambana miaraka aminy ao amin'ity rafitra ity omaly zoma 13 janoary 2023. Nambarany tamin'izany fa raha tokony ho efa niravona taorian'ny nandoavan'ny minisitra HAWEL Mamod Ali ny lelevola 8000 euros « hebergement » an'ny delegasiôna malagasy tany Barcelone ilay resaka « Sazy Iraisam-pirenena » navoakan'ny FIPJP "Fédération Internationale de Pétanque "nihatra tamin'ny taranja tsipy kanetibe malagasy tamin'ny taona 2022 dia nivadika ho famoronana "dossier" samihafa sy honohono alefan'ny olona sasany any amin'ity Federasiôna iraisam-pirenena ity indray izany ankehitriny, mba hoentina hanakorontanana ny taranja tsipy kanetibe eto Madagasikara, ka tsy olon-kafa fa mpitia an'ity taranja ity ihany no mahavita an'izany. Mivoitra indray ankehitriny ny resaka fa : "Hivaha ny sazy hoan'ny tsipy kanetibe Malagasy, hoy ny FIPJP raha hesorina amin'ny toerany ny DGS ao amin' ny MJS. Hamaha an'izany ihany koa ny fitakian' izy ireo hamerenana amin' ny toerany an'ireo mpikambana mpanorina ny FSBM". Fa hanaovan'ny FFPJP "Fédération Française de Pétanque et Jeu Provençal" ankivvy (boycottage) ihany koa ny taranja tsipy kanetibe amin' ny Lalaon'ny Nosy 2023, ka ho saziana avokoa ireo firenena handray anjara amin'izany, fa efa manomana "tounoi qualificatif Mondial" ihany koa amin' io datin'ny JOI 2023 io ry zareo. Nambaran'Andriamatoa Amir, farany, fa anisan'ny ho tafiditra ao amin'ny lahadiniky ny fivoriambe (AG) an'ny COM ho tontosaina tsy ho ela any Toliara, ny resaka manodidina ny olan'ny taranja tsipy kanetibe Malagasy.

Andriamatoa Andrialemirovason Amir filohan'ny FSBM.

Rainilita

FIBA Foundation

Hiroso amin'ny tetikasa 2023

Ny FIBA Foundation « branche sociale et patrimoniale de la FIBA », izay miresaka momba ny andraikitry ny fanatanjahantena ary indrindra ny taranja basikety eo amin'ny fiaraha-monina, dia manao antso avo ho an'ireo federasiôna sy olon-tsotra na fikambanana samihafa misehatra ny basikety, hanolotra tetikasa ho an'ity taona 2023 ity. Ny fangatahana dia halefa any amin'ny sehatra "Propose a Project" nanomboka tamin'ny 1 janoary teo, ka hatramin'ny 15 aprily 2023 ho avy izao. Ny "FIBA Foundation" dia manambara fa ny basikety dia manana fahefana hanome hery, hanabe ary hanentana ny tanora sady hanamora an'izany amin' ny fampiharana ny tetikasa "Basketball For Good", ka nananganana ny sehatra "Propose a Project". Ny tanjon'ny sehatra dia ny hampitombo hatrany ny fianakaviana "Basketball For Good" amin'ny alalan'ny fanohanana ireo tetikasa mampiasa basikety, mba hanatrarana ny Tanjon'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana Maharitra (SDGS), sy ny fampiasana ny basikety ho fitaovana ho an'ny fiovana tsara eo amin'ny fiarahamonina manaja azy ireo. Ny tetikasa izay hotohanan'ny Fiba Foundation dia hahazo fanohanana ara-bola, fitaovana na fampiofanana ary hiditra ao amin'ny vondrompiaraha-monina "Basketball For Good", miaraka amin'ny fahafahana fanampiny ho an'ny fifanakalozana. Ny "FIBA Foundation" dia hampandre ny mpangataka raha voafidy alohan'ny volana Jolay, ary koa ny karazana fanohanana azony. Ny isambatan'olona, ny fikambanana ary ny federasiôna nasiônaly dia tsy maintsy mametraka fangatahana mifanaraka amin'ny fepetra voalaza ao amin'ny tondrozotra, mba hahazoana fanampiana.

Ny tetika Fiba Foundation.

Rainilita

Sakafo Ny Valosoa

Henomby ritra tsy hasiana tongolo na voatabia indray, no laoka eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso ananambo sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo avy amin'ny patsa

Ny soa azo avy amin'ny fihinanana patsa indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Be omega 3, manila fanaintainana, misy cholesterol ilain'ny vatana, manala cholesterol tsy ilain'ny vatana. Mampidina tahana triglyceride na menaka, mampilamina siramamy , tsara hoan'ny diabetika, tsara ho an'ny tsinay, tsara ho an'ny mampinono, manala tavy, tsara ho an'ny maso, tsara ho an'ny saina.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Saranambana any amin'ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Saranambana any amin'ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Saranambana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana. Any atsimo atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Azo lazaina tsy iva toerana izy satria 272 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny voankazo toy ny letchi, ny manga.